malgache

# La déclaration sur la famille : des paroles venant de Dieu

Par Ronald A. Rasband
*du Collège des douze apôtres*

# Ilay fanambarana momba ny fianakaviana—Teny avy amin’ Andriamanitra

Nataon’ny Loholona Ronald A. Rasband
*Ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo*

Conférence générale d’octobre 2025

---

*La déclaration est d’origine divine. Nous devons donc la traiter avec le respect que méritent les paroles de Dieu.*

*Masina ny fiavian’ilay fanambarana, ka noho izany dia tokony anehoantsika fanajana mitovy amin’ireo teny avy amin’ Andriamanitra izany.*

Cette conférence générale d’octobre 2025 marque le trentième anniversaire de la publication de « La famille, déclaration au monde ». Par dessein divin, cette déclaration, reçue par révélation, a été rédigée pour « sauvegarder et […] fortifier la famille dans son rôle de cellule de base de la société».

Ity fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany ôktôbra 2025 ity dia manamarika ny tsingerintaona faha-30 taona nanambarana ny “Ny fianakaviana: Fanambarana ho an’izao tontolo izao”. Noho ny fikasana masina, io fanambarana navoaka io mbamin’ireo teny mifono fanambarana ao aminy, dia nosoratana mba “hiarovana sy hanamafisana orina ny fianakaviana amin’ny maha rafitra fototra azy eo amin’ny fiaraha-monina”.

Nous faisons tous partie d’une famille, que nous soyons mère, père, fille, fils, petit-enfant, grand-parent, tante, oncle, frère, sœur ou cousin. Plus important encore, selon la déclaration, chacun de nous est « un fils ou une fille d’esprit aimé de parents célestes [qui possède] une nature et une destinée divines».

Samy ao anatina fianakaviana avokoa ny olon-drehetra, na ianao reny, ray, zanakavavy, zanakalahy, zafikely, raiamandreny be, nenitoa, dadatoa, rahalahy, rahavavy, na zanaky ny mpiray tampo. Fa indrindra indrindra, isika tsirairay avy, araka ny voalazan’ilay fanambarana, dia “zanakalahy sy zanakavavy ara-panahy sy malalan’ny ray aman-dreny any an-danitra … [manana] toetra sy anjara araka an’ Andriamanitra”.

Quand j’ai été appelé au saint apostolat en 2015, on m’a dit ceci : « Désormais, cette déclaration t’appartient. » Puis, en désignant les mots « Conseil des douze apôtres » dans le titre, la personne a ajouté : « Ton nom est là. Imprègne-t’en et enseigne-la comme si c’était la tienne. »

Rehefa nantsoina ho amin’ny kôlejy masin’ny apôstôly aho tamin’ny 2015 dia notoroina hevitra hoe: “Anao amin’izay izao ity fanambarana ity. Misoratra eto [manondro ny teny hoe -Filankevitry ny Apôstôly Roambinifolo- eo amin’ny lohateny] ny anaranao. Takaro sy ampianaro tahaka ny hoe anao manokana izany.”

Que j’aime la déclaration sur la famille ! De l’Afrique à l’Australie, j’ai témoigné à travers le monde du rôle de la famille dans le plan éternel de Dieu. La déclaration est d’origine divine. Nous devons donc la traiter avec le respect que méritent les paroles de Dieu.

Tiako ilay fanambarana momba ny fianakaviana. Nijoroako ho vavolombelona manerana izao tontolo izao avy any Afrika ka hatrany Aostralia ary n’aiza n’aiza toerana nalehako ny anjara asan’ny fianakaviana ao amin’ny drafitra mandrakizain’ Andriamanitra. Masina ny fiavian’ilay fanambarana, ka noho izany dia tokony raisintsi-

Frères et sœurs, comme je l'ai dit à cette chaire lors d'une conférence générale passée, souvenez-vous que « les mots sont importants».

La déclaration est au cœur de nos croyances. Je vais vous raconter dans quelles circonstances elle a été écrite.

En 1994, un an avant la présentation de la déclaration, le Collège des douze apôtres a discuté de l'éloignement croissant de la société et des gouvernements des lois de Dieu concernant la famille, le mariage et l'identité sexuelle. Le président Nelson a expliqué plus tard : « Ce n'est pas là tout ce que nous avons vu se profiler. Nous avons vu les efforts entrepris par diverses communautés pour éliminer toutes les normes et les limites relatives à l'activité sexuelle. Nous avons vu la confusion des sexes. Nous avons vu tout cela arriver. »

Les Douze ont décidé de rédiger un document, une déclaration officielle, qui résumait la position de l'Église sur la famille. Cette année-là, ces apôtres, des voyants appelés de Dieu, ont préparé une déclaration sur la famille. Dallin H. Oaks a raconté qu'à l'aide de la prière, ils se sont tournés vers le Seigneur pour savoir « ce qui devait être dit et […] la manière de le dire». Ils ont présenté la déclaration à la Première Présidence, constituée de Howard W. Hunter, Gordon B. Hinckley et Thomas S. Monson, pour qu'elle l'examine.

Quelques mois plus tard, en mars 1995, le président Hunter est décédé et le président Hinckley est devenu le quinzième président de l'Église. La déclaration était alors entre ses mains. Quel serait le bon moment pour faire cette déclaration à l'Église? Ce moment est arrivé six mois plus tard.

Quelques jours avant la réunion générale des femmes du 23 septembre, qui précédait la conférence générale, le président Hinckley et ses conseillers ont tenu conseil avec la présidence générale de la Société de Secours. Les sœurs, comme les apôtres, avaient réfléchi aux préoccu-

ka amin'ny fanajana natokana ho an'ireo teny avy amin' Andriamanitra izany.

Tsarovy ry rahalahy sy ranabavy, araka ny efa nolazaiko teto amin'ity polipitra ity nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tany aloha fa "manan-danja ny teny".

Mamelà ahy ianareo hizara ny mombamomba an'io fanambarana io izay hafatra fototry ny finoantsika.

Tamin'ny 1994, herintaona talohan'ny nanolorana ilay fanambarana, dia nifanakalo hevitra ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo momba ny fisintahan'ny fiarahamonina sy ireo fitondram-panjakana tamin'ireo lalàn' Andriamanitra momba ny fianakaviana sy ny fanambadiana ary ny maha-lahy sy ny maha-vavy. "Fa tsy izany ihany akory no hitanay", hoy ny fanazavan'ny Filoha Russell M. Nelson taty aoriana. "Tsapanay ny ezaka izay ataon'ireo fiarahamonina maro samihafa izay miezaka ny hanaisotra ireo lamina sy fetra amin'ny fanaovana firaisana ara-nofo. Hitanay ny fisavoritahana amin'ny resaka maha-lahy na maha-vavy. Hitanay ny fahatongavan'izany rehetra izany."

Tapa-kevitra ny Roambinifololahy hanomana lahatsoratra iray, fanambarana ôfisialy,izay hamintina ny foto-kevitra ijoroan'ny Fiangonana momba ny fianakaviana. Tamin'io taona io, ireo Apôstôly ireo, izay mpahita voantson' Andriamanitra, dia nanomana fanambarana iray mahakasika ny fianakaviana. Tsaroan'ny Filoha Dallin H. Oaks fa nitodika am-bavaka tamin'ny Tompo izy ireo mba hahafantarana "izay tokony holazain'[izy ireo] sy ny fomba hilazan'izy ireo] izany". Natolotr'izy ireo ny Fiadidiana Voalohany izany, dia ny Filoha Howard W. Hunter, Filoha Gordon B. Hinckley, ary Filoha Thomas S. Monson, mba hodinihan'izy ireo.

Volana vitsivitsy monja taty aoriana tamin'ny martsa 1995, dia nodimandry ny Filoha Hunter ary lasa Filohan'ny Fiangonana faha-15 ny Filoha Hinckley. Lasa teo am-pelatanany izany izao ilay fanambarana. Oviana no ho fotoana mety hamoahana io fanambarana io ho an'ny Fiangonana?Enim-bolana taty aoriana no tonga izany fotoana izany.

Andro maromaro talohan'ny 23 septambra izay fivoriamben'ny fikambanana ifanampiana nialoha ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany, dia nihaona tamin'ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany mba hanao filankevitra ny Filoha Hinckley. Nia-

pations qui touchaient les femmes et la famille. Il a été décidé d'axer la réunion à venir sur la famille.

Il était prévu que le président Hinckley s'adresse aux femmes lors de la réunion. Il avait médité sur le sujet de son discours. Au cours de la discussion, il a mentionné le titre de la déclaration au monde sur la famille, nouvellement rédigée et qui n'avait pas encore été rendue publique. Cette réunion des femmes était-elle le bon cadre pour faire une déclaration décisive sur la famille?

Elaine Jack, alors présidente générale de la Société de Secours, a expliqué plus tard : « À ce moment-là, nous ne savions pas ce qu'était la déclaration sur la famille. Nous pouvions le deviner par son titre et nous sentions que tout message sur la famille […] serait bénéfique. […] J'étais convaincue que les membres du Collège des Douze recevaient des révélations. »

Ce samedi-là, la réunion de la Société de Secours a été historique. Avant de présenter la déclaration, le président Hinckley a prononcé ces paroles importantes : « Avec tous les raisonnements spécieux qui sont présentés comme des vérités, avec toutes les tromperies à propos des principes, avec toutes les incitations à nous laisser gagner peu à peu par la souillure du monde, nous nous sentons poussés à lancer un avertissement [et à réaffirmer] les principes, la doctrine et les pratiques relatifs à la famille que les prophètes, voyants et révélateurs de notre Église ont énoncés à maintes reprises tout au long de son histoire. »

Il a ensuite lu la déclaration dans son intégralité. Comme le Seigneur l'a déclaré : « Que ce soit par ma voix ou par la voix de mes serviteurs, c'est la même chose. »

La déclaration énonce : « La famille est ordonnée de Dieu. » Que j'aime la clarté de cette phrase ! Cette déclaration est un appel à traverser la condition mortelle en gardant toujours à l'esprit la divinité qui est en nous et l'avenir éternel qui nous attend. Le président Nelson a enseigné

sa saina mafy momba ireo olana mikasika ny vehivavy sy ny fianakaviana toa an'ireo Apôstôly ireo rahavavy. Nampifantohan'izy ireo tamin'ny fianakaviana ilay fivoriambe hataon'izy ireo manaraka.

Voalahatra hitondra lahateny ho an'ny vehivavy mandritra io fivoriana io ny Filoha Hinckley. Nisaintsaina ny lafiny tokony hifantohan'ny lahateniny izy. Rehefa nizotra ny fifanakalozan-kevitra, dia noteneniny ny lohateny hiantsoana ilay "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" izay vao noforonina saingy tsy mbola navoaka ampahibemaso.Moa ve io fivoriamben'ny vehivavy io no sehatra mety hamoahana ilay fanambarana mifono fanapahan-kevitra momba ny fianakaviana?

Nanazava ny Filoha Elaine Jack, Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany taty aoriana: "Tsy fantatray hoe inona ilay Fanambarana momba ny fianakaviana tamin'io fotoana io. Hitanay taratra tamin'ilay lohateniny ihany izany, saingy nahatsapa izahay fa na inona na inona momba ny fianakaviana … dia ho zavatra tsara foana izany. … Tena velom-bolo izaitsizy aho fa nanana mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifilolahy nandray fanambarana isika ".

Nanan-tantara tokoa ny fivoriamben'ny Fikambanana Ifanampiana tamin'io sabotsy io. Nampahafantatra ny fanambarana momba ny fianakaviana ny filoha Hinckley tamin'ny fampiasana ireto teny manan-danja ireto; "Manoloana ireo habobo maro izay ambara ho fahamarinana, manoloana ireo famitahana maro mikasika ny fenitra sy ny hasina ijoroana, manoloana ireo fakam-panahy sy fitaomana mba hanaiky ny fahalotoana tsikelikely entin'izao tontolo izao, dia mahatsapa ny hampitandrina sy hampitandrina mialoha izahay … ny amin'ireo fenitra sy fotopampianarana ary fomba fanao mifandray amin'ny fianakaviana izay efa nambaran'ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara an'ity Fiangonana ity ombieny ombieny nandritra ny tantarany".

Avy eo dia novakiany feno ilay fanambarana. Araka ny nambaran'ny Tompo hoe: "Na amin'ny alalan'ny feoko na amin'ny alalan'ny feon'ny mpanompoko, dia iray ihany izany".

Milaza ilay fanambarana fa "ny fianakaviana dia tendrin' Andriamanitra".Tiako loatra fa mazava be io fehezan-teny io. Antso avo ho antsika mponin'ny fiainana an-tany izany, kanefa sady mahatsiaro hatrany ny fiaviana masina ao anatintsika, ary ny ho avy mandrakizay izay

: « Vous êtes littéralement des enfants d’esprit de Dieu. […] Ne vous y trompez pas : votre potentiel est divin. Si vous cherchez diligemment, Dieu vous donnera un aperçu de ce que vous pouvez devenir. »

miandry antsika. Nampianatra ny Filoha Nelson hoe: “Tena zanak’ Andriamanitra ara-panahy ara-bakiteny ianareo. … Aza diso hevitra momba izany: Ny hery anaty anananao dia araka an’ Andriamanitra. Amin’ny alalan’ny fikatsahanao amim-pahazotoana dia homen’ Andriamanitra fahafahana hahita kely an’izay mety haha-izy anao ianao.”

Lorsqu’elle a été présentée, la déclaration n’était pas en accord avec l’opinion de beaucoup dans le monde. C’était le cas à l’époque. C’est toujours le cas aujourd’hui. Certains s’opposent à ce qu’elle affirme sur la famille, le mariage et le genre. D’autres suggèrent que l’Église devrait retirer, réviser ou même mettre de côté la déclaration.

Rehefa natolotra ilay fanambarana, dia tsy nifanaraka tamin’ny fomba fijerin’ny maro teto amin’izao tontolo izao izany. Na tamin’izany fotoana izany. Na amin’izao fotoana izao. Misy ireo izay manana olana amin’ilay fanambarana mikasika ny fianakaviana, ny fanambadiana, ary ny maha-lahy sy ny maha-vavy. Misy indray ireo izay mandroso hevitra fa tokony hofoanana na hasiam-panitsiana na tsy raharahiana mihitsy ilay fanambarana.

Chers frères et sœurs, comme l’a dit le président Hinckley, cette déclaration sur la famille est doctrinale. Les principes qu’elle énonce ne sont pas en contradiction avec les voies du Seigneur et son chemin des alliances, mais en parfaite harmonie avec eux. Les enseignements que contient la déclaration ont été révélés par notre Seigneur Jésus-Christ à ses apôtres, à l’époque et aujourd’hui. C’est son Église. C’est lui qui a établi les vérités selon lesquelles nous vivons.

En réfléchissant à la déclaration, certains d’entre vous se disent peut-être : « Elle ne convient pas à ma situation. » « Elle manque d’empathie. » « Ma famille ne ressemble pas à cela. » « Je ne m’y reconnais pas. »

Aux personnes inquiètes à ce sujet, je dis : sachez que vous êtes un enfant de parents célesteset que vous faites partie de la famille de votre Père céleste. Personne ne vous connaît mieux que lui ni ne se soucie plus profondément de vous. Tournez-vous vers lui, déversez-lui votre cœur, ayez confiance en lui et en ses promesses. Vous avez une famille en la personne de votre Sauveur, Jésus-Christ, qui vous aime. Il est venu sur terre pour expier nos péchés et porter le fardeau de nos fautes et de nos jours les plus sombres. Il comprend ce que vous traversez et ressentez. Tournez-vous vers lui et ayez confiance qu’il enverra le Saint-Esprit pour vous accompagner, vous élever et vous guider. Ressentez leur amour « qui se répand dans le cœur des enfants des hommes […] ; c’est la plus désirable de toutes les choses […] et la plus joyeuse pour l’âme».

Ity fanambarana momba ny fianakaviana ity, araka ny nolazain’ny Filoha Hinckley, dia fotopampianarana,ry rahalahy sy ranabavy. Tsy hoe maningana ireo fitsipika, fa tena mifanaraka tsara tanteraka amin’ny fomban’ny Tompo sy ny lalan’ny fanekempihavanana napetrany. I Jesoa Kristy Tompontsika no nanambara tamin’ny Apôstôliny taloha sy ankehitriny ny fampianaran’ilay fanambarana. Fiangonany ity; Izy no nametraka ireo fahamarinana rehetra iainantsika.

Mety misy aminareo mandinika ny momba ilay fanambarana dia hilaza hoe: “Tsy mety amiko izany”. “Toa tsy miraharaha olona izany ilay izy”. “Tsy toa izany mihitsy ny fianakaviako”. “Tsy natao ho ahy izany”.

Ho an’ireo izay sahiran-tsaina, dia fantaro fa zanaky ny ray aman-dreny any an-danitra ianareo,isan’ny fianakavian’ny Rainareo any An-danitra. Tsy misy mahalala sy miraharaha anareo lalina kokoa noho Izy. Mitodiha Aminy, aborahy Aminy ny ao am-ponareo, matokia Azy sy ireo fampanantenany. Manana fianakaviana ianareo ao amin’i Jesoa Kristy Mpamonjinareo, izay tia anareo. Tonga tety an-tany Izy mba hanao sorona ho fanavotana antsika amin’ny fahotantsika ary hizaka ny vesatry ny fahadisoantsika sy ireo andro tena ratsy lalovantsika. Mahatakatra tsara ny manjo anao sy ny zavatra tsapanao Izy. Mitodiha Aminy, matokia fa Izy dia handefa ny Fanahy Masina hiaraka aminao sy hankahery anao ary hitari-dalana anao. Aoka ho tsapanao ny fitiavan’ Izy Ireo izay “miely patrana any ampon’ny zanak’olombelona … dia io no mahatsiriritra indrindra amin’ny zava-drehetra … ary io no

Tous les apôtres du seigneur vous aiment tendrement. Nous prions pour vous et recherchons les directives du Seigneur à votre égard. Restez avec nous. Vous vivez à une époque difficile où l'adversaire cherche à vous assujettir. Ne vous laissez pas entraîner. Et si vous l'avez été, revenez. Nos bras, ainsi que ceux d'autres personnes qui vous aiment, vous sont ouverts.

La déclaration stipule que « les parents ont le devoir sacré d'élever leurs enfants dans l'amour et la droiture». Le Livre de Mormon offre un deuxième témoignage de cette vérité. Au premier verset de son premier chapitre, nous lisons : « Moi, Néphi, étant né de bons parents. » Combien d'entre nous ont commencé, et recommencé encore et encore, le Livre de Mormon, au point que ces mots sont devenus gravés dans notre esprit ? Gravez-les dans votre cœur.

L'une de mes phrases préférées de la déclaration est celle-ci : « On a le plus de chances d'atteindre le bonheur en famille lorsque celle-ci est fondée sur les enseignements de […] Jésus-Christ. »

Qui ne souhaite pas être heureux ?

Et quels sont les enseignements de Jésus-Christ ? De nouveau, dans la déclaration : « La foi, la prière, le repentir, le pardon, le respect, l'amour, la compassion, le travail et les divertissements sains. »

Qui ne verrait pas sa vie s'améliorer en mettant en pratique ces principes essentiels ? Aucun d'entre nous ne les mettra parfaitement en application, mais nous pouvons toutefois suivre ces sages paroles du président Hinckley : « Faites de votre mieux. »

Dans la déclaration, nous lisons : « Le père doit présider dans l'amour et la droiture» et « la mère a pour première responsabilité d'élever ses enfants».Présiderne veut pas dire dominer etéleverne désigne pas un rôle secondaire. Dieu a donné aux hommes et aux femmes des rôles différents, mais égaux, essentiels et complémentaires.

Je vais vous raconter une histoire personnelle.

Ma femme et moi avons appris à mieux tra-

mampiravoravo indrindra ny fanahy".

Tianao fatratra tokoa ny Apôstôlin'ny Tompo rehetra. Mivavaka ho anareo izahay ary mikatsaka ny fitarihan'ny Tompo ho anareo. Mijanòna miaraka aminay. Miaina ao anaty vanim-potoana sarotra izay ikatsahan'ny fahavalo hambabo anareo ianareo. Aza misintaka. Ary raha nisintaka ianareo dia miverena. Manolo-tanana anareo izahay, ary tahaka ireo olona izay tia anareo koa.

Hoy ilay fanambarana, "Manana andraikitra masina ny ray aman-dreny ny hitaiza ireo zanany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana". Manome vavolombelona faharoa ny amin'izany fahamarinana izany ny Bokin'i Môrmôna. Ao amin'ny andininy voalohany ao amin'ny toko voalohany, dia mamaky isika hoe, "Izaho Nefia, noho izaho nateraka ray aman-dreny tsongoin'olom-bolo".Firy amintsika no namaky ny Bokin'i Môrmôna, dia namerina namaky ombieny ombieny, ka lasa nahay tsianjery an'ireo teny ireo? Ampidiro ao am-po ireo.

Iray amin'ny fehezanteny tiako indrindra ao amin'ny fanambarana ny hoe: "Ny fahasambarana ao amin'ny fiainam-pianakaviana dia azo tratrarina kokoa raha miorina amin'ny fampianaran'i … Jesoa Kristy."

Iza moa no tsy te ho sambatra?

Ary inona moa ireo fampianaran'i Jesoa Kristy? Toy izao koa ny voasoratra ao anaty fanambarana: "ny finoana, ny vavaka, ny fibebahana, ny famelan-keloka, ny fanajana, ny fitiavana, ny fiantrana, ny asa, ary ny fialam-boly mahasoa ny tena sy ny fanahy."

Fiainan'iza no tsy ho tsara kokoa raha mampihatra ireo fitsipika fototra ireo? Tsy misy amintsika ho tonga lafatra amin'ny fanaovana izany; saingy manaraka ny teny mifono fahendrena nolazain'ny Filoha Hinckley isika hoe: "Ataovy ny tsara indrindra vitanao".

Mamaky isika ao amin'ilay fanambarana hoe: "Ny ray no tokony hitarika… amim-pitiavana sy amim-pahamarinana,"ary "ny reny dia tompon'andraikitra voalohany eo amin'ny fitaizana ny zanany".Ny hoehitarikadia tsy midika hoe manindry ary nyfitaizanadia tsy midika hoe anjara asa ambany kokoa. Nomen' Andriamanitra anjara asa samy hafa nefa mitovy lenta sy manan-danja izay mifameno ny lehilahy sy ny vehivavy.

Mamelà ahy hizara ny tantaranay manokana.

Nianatra nifanaraka tsara kokoa amin'ny ma-

vailler en partenaires égaux après qu'un jour j'ai décidé de prendre une décision importante sans la consulter. Cela l'a surprise, l'a prise au dépourvu et l'a placée dans une situation très difficile. Quelque temps après, elle a posé la main sur mon épaule et m'a dit avec fermeté : « Ron, s'il te plaît, ne me fais plus jamais ça. » Depuis ce jour, nous avons pratiquement toujours été en accord.

Nous trouvons ceci dans la déclaration sur la famille : « Le père et la mère ont l'obligation de s'aider en qualité de partenaires égaux. »

«Égaux» est un mot important. Au fil des années, sœur Rasband et moi avons travaillé ensemble sur ce que la déclaration décrit comme nos « responsabilités sacrées», nous avons façonné notre mariage sous un joug d'égalité. Maintenant que nos enfants sont tous mariés, sœur Rasband et moi-même continuons de leur donner des conseils, ainsi qu'à leurs conjoints, sur la manière d'être des partenaires égaux.

Lorsque nous vivons les yeux fixés uniquement sur la gloire de Dieu, nous nous respectons les uns les autres et nous nous soutenons mutuellement. Ces modèles divins de justice conduisent à la stabilité dans notre vie, dans notre famille et dans la société.

Notre Père céleste a donné la déclaration sur la famille afin de nous aider à revenir à lui, à apprendre, et à être remplis d'amour, de force, de détermination et de compréhension éternelle. De toute mon âme, je vous supplie de rester proches de lui et de son Fils bien-aimé. Je vous promets que si vous le faites, l'Esprit vous inspirera, vous guidera et vous aidera à ressentir dans votre cœur la paix promise qui « surpasse toute intelligence». Au nom de Jésus-Christ. Amen.

ha-mpiara-miasa mitovy lenta izaho sy ny vadiko taorian'ny andro iray izay nanapahako hevitra ny handray fanapahan-kevitra manan-danja iray kanefa tsy nihera taminy. Nahagaga azy ny zavatra nataoko, hafahafa taminy izany, ary nahatonga azy ho amina toe-javatra tena sarotra. Taorian'izay dia napetrany teo amin'ny soroko ny tanany ary nilaza tamin'ny fomba hentitra izy hoe: "Ron a, miangavy anao aho, aza atao toa izany intsony aho". Nanomboka tamin'izay dia mitovy tadin-dokanga foana izahay.

Hitantsika ao anatin'ny fanambarana momba ny fianakaviana ihany koa ny hoe: "ny ray sy ny reny dia tsy maintsy mifanampy amin'ny maha-mpiara-miasa mitovy lenta azy ireo"

Ny hoemitovy lentadia andian-teny manan-danja. Nandritra ireo taona nifandimby, raha niara-niasa ho amin'ilay faripariitan'ilay fanambarana hoe "andraikitra masina[y]" izaho sy Ranabavy Rasband,dia namolavola fanambadiana izay iarahana mikolokolo amin'ny fomba mitovy lenta izahay. Koa satria efa samy manambady izao ny zanakay tsirairay avy, dia nanohy nanoro hevitra azy ireo sy ny vadiny avy izaho sy Ranabavy Rasband ny amin'ny fomba hahafahana ho mpiara-miasa mitovy lenta.

Rehefa manana fiainana tsy mibanjina afa-tsy ny voninahitr' Andriamanitra isika dia mifanaja sy mifanohana. Ireo lamina masin'ny fahamarinana ireo dia mitarika ho amin'ny filaminana eo amin'ny fiainan'ny tenantsika manokana, ny fianakaviantsika, ary eo amin'ny fiarahamonina.

Nomen'ny Raintsika any An-danitra ilay fanambarana momba ny fianakaviana mba hanampiana antsika ho voatarika hiverina any Aminy indray, hanampiana antsika hianatra sy ho heniky ny fitiavana, tanjaka, tanjona, ary fahatakarana ireo zavatry ny mandrakizay. Miangavy anareo amin'ny fanahiko manontolo aho mba hiaina eo akaikiny sy eo akaikin'ilay Zanakalahy malalany ianareo. Mampanantena anareo aho fa rehefa manao izany ianareo dia hanentana ny fanahinareo ny Fanahy ary hitarika sy hanampy anareo hahatsapa ao am-ponareo ny fiadanan' Izy Ireo izay "mihoatra noho ny fahalalana rehetra".Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.